



# INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,  
Leadership et Stabilité



## FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO 20 – 26 MEY 2016

*Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.*

### MATOAM-BAOVAO

#### TSAHO SA TENA MISY TOKOA NY FIKONOKONONANA FANONGANAM-PANJAKANA ?

Efa ho herinandro izao dia tsikaritra fa misy mpitandro filaminana miatrana amina toerana maromaro eto an-dRenivohitra. Ny maraim-ben'ny 20 mey lasa teo ohatra, dia efa maromaro ry zareo no tazana tetsy Anosy satria nandeha ny feo fa hisy hanafika ny toeram-piasan'ny radio sy televiziona Malagasy. Asa na fifanandrifian-javatra fa ny 23 mey dia nanao fanambarana ary nanainga ny mponin'Antananarivo ny loholona voafidy tany Mahajanga, Lylison René de Rolland mba hanao tanàna maty an'Antananarivo ny andron'ny 24 mey. Niantso fananganana sakana sy fivoriana ary fametrahana andrimasom-pokonolona isam-pokotany izy tamin'izany. Nandre izany ny mpitandro filaminana ary nandray ny nandraikiny avy hatrany ka vao nangiran-dratsin'ny ampitson'ny fanambarana dia efa nanaisotra ireo sakana rehetra efa napetraka ary nisy mihitsy moa ny fisamborana tamin'izany.

*Saro-tahotra loatra ny fitondrana ankehitriny, hoy ny **FREE FM**. Somary mampiaka-peo mihitsy moa ny Filohampirenena isaky ny mandray fitenenana ary dia miasa mafy mihitsy ny mpitandro filaminana izay nanjary herim-pamoretana, fihetsika izay heverin'ity onjam-peo ity fa tokony hovaina fa vao mainka mandrangitra. Tsara ity soso-kevitra ny loholona Lylison René de Rolland ity, hoy ny **FREE FM**, satria fomba iray entina maneho hevitra tsy anaty herisetra. Na izany aza anefa dia niaiky ihany koa ity onjam-peo ity fa tsy afaka ny hamono andro iray manontolo tsy hiasana ny mponin'Antananarivo noho ny fahasahiranany.*

*Nampita ireo tsaho niely ny amin'ny mety hisiana korontana manerana ireo boriboritany enina ny **TV PLUS**. Efa misy andian'olona voakarama handoro kodiarana sy hanangana sakana, hoy ity onjam-peo ity. Nampiavaka an'ny **VIVA TV** kosa ny nampitany ny fanambarana nataon'Andriamatoa Lylison René de Rolland. Tamin'izany no nampahafantaran'ity olom-boafidy ity ny antony mahatonga azy hanao izao fanantenana izao. Nitatitra io fanambarana io ihany koa ny **RADIO ANTSIVA**, sady nanampy fa tsy misy olona afaka milaza fa diso izay nolazain'ily loholona, fa tena namaritra ny zava-misy*

Leader du Consortium

Membres du Consortium





# INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,  
Leadership et Stabilité



*iainana eto amin'ny firenena tokoa izy. Ankoatr'izay dia nandray fitenenana tao amin'ity onjam-peo ity ihany koa ny filohan'ny antoko Aroriaka, Andriamatoa Odon Grégoire Rakotonirina. Izy kosa dia mihevitra fa ny fidinana an-dalam-be ihany sisa no hahafahana manaitra ireo mpitondra ankehitriny. Notsindriany manokana moa ny fahavononan'ny antokony hiroso amin'izany. Tetsy ankilany, nampiantso mpanao gazety ny Kaomandin'ny zandarmariam-pirenena, ny Jeneraly Jean de Dieu Daniel Ramiandrisoa. Nanamarina izy fa tena nisy tokoa ny sakana teny an'arabe teto an-drenivohitra, fa nandray ny andraikiny ny mpitandro ny filaminana mba hamerenana ny fifamoivoizana amin'ny laoniny. Nampitandrina ireo izay minia manakorontana ihany koa izy fa handray fepetra raha misy fihoaram-pefy.*

*Tsy dia nandalina loatra ity tranga ity ny **KOLO TV** sy ny **RADIO PLUS** fa nilaza fotsiny fa nitohy toy ny isan'andro ihany ny fiainana teto an-drenivohitra.*

## POLITIKA ANATINY

### FISAVANA TAO AN-TOKANTRANON'NY LOHOLONA LYLISON RENE DE ROLLAND

Tsy niandry ela akory ny mpitandro filaminana fa avy hatrany dia nandray fepetra manoloana ny fanentanana fanaovana tanàna maty an'Antananarivo nataon'ny loholona Lylison René de Rolland. Manodidina ny telon-jato eo hoe ireo mpitandro filaminana tonga teny Ambolokandrina fa enina ihany no niditra tao an-trano nanatanteraka ny fisavana, izay naharitra ora maro ary natrehin'ny mpisolovava an'ilay loholona. Ity farany kosa dia tsy tao an-tranony nandritra izany fotoana izany. Tsy nahita n'inona n'inona anefa ny mpisava ankoatra ny "talkie walkie" na irony fitaovana ahafahana miresaka tsy dia mifanalavitra irony. Nandre an'ity fanaovana fisavana ity ny mpanao gazetin'ny **RADIO ANTSIVA**, Michel Ralibera ka nidina teny an-toerana hijery ifotony ny raharaha, kinanjo nalain'ny mpitandro filaminana ny fitaovam-piasany.

*Niezaka nandalina sy nanome ny antsipirian'ny fandehan-draharaha ny **FREE FM**. Nofoanany mihitsy ilay fandaharana tokony ho nandeha tamin'ny ora nisian'ny tranga, fa naleony nampiditra mivantana ny mpanao gazety izay teny an-toerana. Raha araka ny fampahafantarana avy amin'ny rahalahin'Andriamatoa Lylison René de Rolland dia naharitra ora roa sy sasany ny fisavana, ary naneho ny fahatafitohinany amin'ny fihetsiky ny mpitandro filaminana ihany koa izy. Nasian'ny **FREE FM** resaka ihany koa ny tsy famelana ny mpanao gazety hanao ny asany an-kalalahana. Ary ankoatr'izay dia nanome tsiny ny mpitondra izy: "F'angaha moa hadisoana ka mendrika hamoahana didy fisavana na fampisamborana ny fiantsoana vahoaka hanao tanàna maty ? Dia ahoana ary izany ny*

Leader du Consortium

Membres du Consortium





# INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,  
Leadership et Stabilité



*momba ny amin'ny zo maha loholona ka tsy tokony hisamborana an'Andriamatoa Lylison?" Mifandraika amin'izany indrindra dia nanambara ny filohan'ny Antenimieran-doholona fa "Azo enjehina ny loholona raha manao hadisoana, saingy kosa tsy azo samborina ao anatin'ny faritry ny lapan-doholona. Raha toa kosa ka tratra ambodiomby izy dia tsy ilaina intsony ny fangatahana fanafoanana ny zo maha tsy azo samborina azy." Mahasika ny fakana ny fitaovam-piasan'i Michel Ralibera kosa dia nanambara ny **RADIO ANTSIVA** fa voahosihosy indray ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety. Toa hoe nisy nandrahona mihitsy mantsy ireo mpanao gazety tonga teny Ambolokandrina.*

## TOE-KARENA SY FIARAHAMONINA

### MISOKATRA INDRAY NY MAGRO ETSY BEHORIRIKA

Raha ny zava-misy dia tena tapa-kevitra hampihodina indray ireo orinasany ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana. Efa andro maromaro mantsy izao no fantatra fa mandray mpiasa vaovao ny Vondrona Tiko ary dia mandray ny antontaratasin'ireo izay maniry ho isan'izany. Efa nanomboka ihany koa ny asa fanarenana ireo fotodrafitrasa nisy nandoro etsy Ankorondrano. Ny 23 mey teo anefa dia tonga teny an-toerana ny vaditany iray sy ny mpitandro ny filaminana maromaro, iraky ny Tranoben'ny Varotra Rantsana Antananarivo (CCIA), ka nilaza fa azy ny tany ary tsy mahazo manorina eo ny Vondrona Tiko. Arak'izany dia nofaritany ny taniny ary nasainy niala teny an-toerana daholo ireo olona mbola nilahatra hanatitra antontan-taratasy.

*Nampika-peo Andriamatoa Marc Ravalomanana teo amin'ny fandraisam-peon'ny **TV PLUS**. Niantso ny fanjakana izy mba hanokatra ny tahirim-bolany sy ny an'i Magro. Tetsy andanin'izay dia nilaza ny **FREE FM** fa manambaka vahoaka ity filoha teo aloha ity. Mody miresaka famoronana asa izy nefa ny fampandehanana indray ny orinasany no tena imatimatesany. Nokianin'ity onjam-peo ity ihany koa ny fomba nampahafantarana fa mitady mpiasa ny Vondrona Tiko, satria dia tamin'ny tambazotra sosyaly no nanaovana izany. Koa dia nampitandrina ireo izay nametraka taratasy fangatahana asa ny **FREE FM** fa mety hakaton'ny fanjakana tampoka indray io orinasa tsy manara-dalàna io. Nanakiana mafy ny fitondrana ihany koa anefa ity onjam-peo ity amin'ny tsy fananany politikam-pamoronan'asa mazava.*

*Nanontany kosa ny **RADIO ANTSIVA** ny amin'izay antony mahatonga ny fanjakana hanakana hatrany ny fikasan'Andriamatoa Marc Ravalomanana hanokatra ny orisanany. Azo antoka, hoy izy, fa raha karana na sinoa ilay rangahy io dia tsy ho tratan'ny toy izao mihitsy. Raha araka ny fampitam-baovao nataon'Andriamatoa Heritiana Andriamahefa, Tale Jeneralin'ny Vondrona, dia santatra ihany izao fisokafan'ny Magro etsy Behoririka izao fa hisokatra tsy ho ela ihany koa ny eny Tanjombato sy Ankorondrano ary ny any Fianarantsoa.*

Leader du Consortium

Membres du Consortium





# INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,  
Leadership et Stabilité



*Hafa mihitsy ny fanombanan'ny **RADIO ANTSIVA** ny raharaha, satria dia nolazainy fa tsy mitsinjo afa-tsy izay mahasoana ny tenany ny mpanorina ny Tiko matoa minia tsy maneho hevitra manoloana ireo tsy fetezan-draharaha eto amin'ny firenena. Tsy mafankaiza amin'izany ny hevitra **KOLO TV** izay milaza fa manao amboletra i Marc Ravalomanana mba hahafahany indray manatevina ny haren'ny Tiko. Raha toa kosa nisafidy ny hampita fotsiny ny zava-misy ny **MA-TV**, ary niezaka ny nampitony ny sain'ny mpanara-baovao ny **TV PLUS** ka nilaza fa efa misy ny fifampidinihana amin'ny CCIA sy ny Vondrona Tiko.*

### **Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :**

Tiaray RANDRIAMALALA: [tiaray.randriamalala@eces.eu](mailto:tiaray.randriamalala@eces.eu)

Mirana RAZAFINDRAZAKA: [mirana.razafindrazaka@eces.eu](mailto:mirana.razafindrazaka@eces.eu)

Site web: [www.incipals.eu](http://www.incipals.eu)

Leader du Consortium

Membres du Consortium

